



# La Parole s'est faite chair

Ny Teny dia tonga nofo

Jean 1 : 1-18 • Jaona 1 : 1-18

## Les versets clés / Ny andininy lehibe

« Au commencement était la Parole, la Parole était avec Dieu, et la Parole était Dieu. »

Jean 1:1

« Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. »

Jaona 1:1

« La Parole s'est faite chair, et elle a habité parmi nous, pleine de grâce et de vérité. »

Jean 1:14

« Ary ny Teny dia tonga nofo, nitoetra tamintsika, feno fahasoavana sy fahamarinana. »

Jaona 1:14

« À tous ceux qui L'ont reçu, il a donné le pouvoir de devenir enfants de Dieu. »

Jean 1:12

« Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra. »

Jaona 1:12

## Les 4 grands messages / Ny hafatra lehibe 4

### 1. Qui est vraiment Jésus ? • Iza marina i Jesosy ?

🇫🇷 Français

Nous venons de traditions différentes, mais Jean nous ramène tous au même point de départ.

**Jésus est la Parole éternelle de Dieu. Tout a été créé par Lui.**

- ♦ La lumière brille dans les ténèbres — et les ténèbres ne l'ont jamais arrêtée.
- ♦ Pas même quand elle semblait éteinte sur une croix.

🇲🇵 Malagasy

Samy nanana ny nihaviansika isika ary samy hafa avokoa izany, Jaona kosa dia mitondra antsika amin'ny fototra tokana.

**I Jesosy dia Tenin'Andriamanitra mandrakizay. Ny zavatra rehetra dia noforonina tamin'ny Alalany.**

- ♦ Io Fahazavana io dia mamirapiratra ao amin'ny haizina — ary ny haizina tsy nahefely na nahatana Azy.
- ♦ Na dia maty teo ambony hazo fijaliana Izy.

### 2. Des envoyés, pas des sources • Iraky ny Tompo, fa tsy loharano

🇫🇷 Français

Jean-Baptiste n'était pas la lumière. Il témoignait de la lumière.

**Sa mission : faire voir, pas être vu.**

- ♦ Nous sommes des ponts entre les hommes et Dieu.
- ♦ C'est le message qui donne du sens au messager.

🇲🇵 Malagasy

I Jaona Mpanao Batisa tsy Fahazavana. Izy dia vavolombelon'ilay Fahazavana.

**Ny asany : dia hampafantatra fa tsy hoe izy no indray no ho taratra.**

- ♦ Isika dia tetezana eo amin'ny olona sy Andriamanitra.
- ♦ Ny hafatra hoentitra no manome lanja ilay mpitondra hafatra.



### 3. Ne pas Le manquer • Aza adino

<p><b>🇫🇷 Français</b></p> <p>« Il est venu chez les siens... et les siens ne L'ont pas reçu. »</p> <p>On peut servir Jésus et avoir perdu Sa présence intérieurement.</p>	<p><b>🇲🇵 Malagasy</b></p> <p>« Tonga tany amin'ny Azy Izy... fa ny Azy tsy nandray Azy. »</p> <p>Misy ny manompo an'i Jesosy nefa tsy manana intsony ny fanatrehan'ny Fanahy ao anaty.</p>
---	--

<p><b>🇫🇷 Témoignage</b></p> <p>Il y a eu une période où je m'étais éloigné. Pas d'un coup. Doucement. Un soir, j'ai retrouvé non pas une ambiance... mais une présence. Jésus n'était pas parti. C'était moi qui m'étais éloigné.</p>	<p><b>🇲🇵 Filazana</b></p> <p>Nisy fotoana nanalavitra an'i Jesosy aho. Tsy hoe tampoka. Maty moramora ilay afon'ny Fanahy Masina. Indray alina izay, tsy fialamboly na revy hoy ny tanora no hitako... fa ny fanatrehan'Andriamanitra tamiko. Jesosy tsy nandao ahy. Fa izaho no nanalitra Azy.</p>
---	---

### 4. La grâce et la vérité • Ny fahasoavana sy ny fahamarinana

<p><b>🇫🇷 Français</b></p> <p>« La Parole s'est faite chair. » Dieu devient proche. Il vient comme un ami.</p> <ul style="list-style-type: none"><li>♦ La vérité sans la grâce écrase. La grâce sans la vérité égare.</li><li>♦ En Jésus, les deux sont parfaitement unis.</li></ul>	<p><b>🇲🇵 Malagasy</b></p> <p>« Ary ny Teny dia tonga nofo. » Andriamanitra dia nanaiky ny hanakaiky antsika. Tonga toy ny namantsika Izy.</p> <ul style="list-style-type: none"><li>♦ Ny fahamarinana tsy misy fahasoavana dia tonga faharesena. Ny fahasoavana tsy misy fahamarinana dia mitarika fahaverezana ho antsika.</li><li>♦ Ao amin'i Jesosy dia miaraka ireo roa ireo.</li></ul>
---	---



### Est-ce que tu L'as reçu ?

Efa nandray Azy ve ianao ?

Dans ta vie, dans ton cœur, aujourd'hui ?

Eo amin'ny Fiaiananao, ao amponao, anio ?



## 5. Parler à Jésus comme un ami • Miresaka amin'i Jesosy toy ny amin'ny namana

### Français

Jésus ne veut pas que tu t'approches de lui comme d'un patron ou d'un inconnu. Il veut être ton ami. Un ami que tu connais. Un ami à qui tu peux tout dire.

**Parle-lui comme à un ami. Demande-lui ce que tu demanderais à un ami. Quoi que ce soit — Il t'écoute.**

- ✦ Ne prends pas Jésus comme un patron. Prends-le comme l'ami qui te connaît déjà.
- ✦ Il n'est pas un étranger — c'est Lui qui t'a connu avant même que tu ne Le connaisses.

### Malagasy

Tsy eken'i Jesosy hanantona Azy ianao toy ny hoe Patron Izy na vahiny aminao. Izy dia te ho sakaiza na ho namanao. Namana izay fantatrao. Namana izay azo lazaina ny zava-drehetra.

**Miresaka aminy toy ny miresaka amin'ny namana. Anontanio Azy sy Hangataho izay ilainao toy ianao manotany sy mangataka amin'ny namanao. Na inona na inona — mihaino Izy.**

- ✦ Aza mijery an'i Jesosy toy ny hoe patron. Fa Jereo Izy toy ny namana izay mahalala anao sahady.
- ✦ Tsy vahiny Izy — Izy no nahalala anao talohan'ny nahalalan'nao Azy.

« Il n'y a pas de plus grand amour que de donner sa vie pour ses amis. »  
« Tsy misy fitiavana lehibe noho izao: ny mamoy ny ainy ho an'ny sakaizany. »

Jean 15:13 • Jaona 15:13

## Pour aller plus loin / ho anao maniry ny Handalina bebe kokoa

### Français

1. Dans ma vie, est-ce que je vis comme un « envoyé » ou est-ce que je cherche à être vu ?

### Malagasy

1. Ao amin'ny fiainako dia moa mihaina toy iraka ve aho sa mitady ho hitan'ny olona fotsiny ?

### Français

2. Y a-t-il un domaine de ma vie où j'ai laissé la présence de Dieu s'éteindre ?

### Malagasy

2. Misy faritra ao amin'ny fiainako ve izay navelako tsy hisy ny fanatrehan'Andriamanitra ?

### Français

3. Qu'est-ce qui me retient encore de Le recevoir pleinement ?

### Malagasy

3. Inona no mampijanona ahy tsy handray Azy feno ?

### Français

4. Comment puis-je être, cette semaine, un « pont » vers Jésus pour quelqu'un autour de moi ?

### Malagasy

4. Ahoana no hahafahako amin'ity herinandro ity, ho tetezana mankany amin'i Jesosy ho an'ny olona manodidina ahy ?



**Verset à retenir / Andininy mila tadidiana**

---

*« Fa izay rehetra nandray Azy  
dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra. »*

**Jaona 1:12**

*Jean 1:12*

---

*Que ce mot planté dans ton cœur porte du fruit. • Aoka io teny voapetraka ao amponao io hitondra voa tsara.*